# Mamboly sy mikolokolo ny tenin' Andriamanitra ao am-pontsika

## Mamboly ilay voa

Vakio ny Almà 32:21–23, 26–30, ary asio marika ireo teny sy andian-teny izay manampy anao hahatakatra ny fomba fambolena fijoroana ho vavolombelona iray.

Zarao amin'ny vondrona misy anao ireo teny sy andian-teny izay nisarika ny sainao sy ny anton'izany. Avy eo dia ifanakalozy hevitra ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona araka ny hevitrao no dikan'ny hoe "manisa toerana" ho an'ny Mpamonjy sy ny fampianarany ao am-ponao?
- Inona no mety hahasarotra ny fanaovan'ny olona izany?
- Araka ny voalazan'ny andininy 28–30, inona no hiseho rehefa manisy toerana ao am-pontsika ho an'i Jesoa Kristy sy ny fampianarany isika?

Manorata fehezan-teny famintinana iray mikasika ny zavatra nianaranao avy tamin'ireo andininy ireo momba ny fanampiana ny fijoroana ho vavolombelona anananao eo amin'ny dingam-panombohany.

## Mikolokolo ilay voa

Nampianarin'i Almà fa ny fambolena ny voa sy ny fahitana ny fahatsaran'izany dia ampahany voalohany fotsiny ihany eo amin'ny fambolena fijoroana ho vavolombelona iray. Vakio ny Almà 32:37–43 hitadiavana fampianarana izay manampy anao hahatakatra ny fomba anampiana ny fijoroana ho vavolombelona iray hitohy hitombo.

Zarao amin'ny vondrona misy anao ireo teny sy andian-teny izay nisarika ny sainao sy ny anton'izany. Avy eo dia ifanakalozy hevitra ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Inona no nianaranao tao amin'ny andininy 38–40 momba ny zavatra mitranga rehefa ataontsika tsirambina ny tenin' Andriamanitra izay naniry tao am-pontsika?
- Inona avy ireo ohatra sasantsasany izay maneho ireo fomba mety hanaovan'ny olona iray tsirambina ny fijoroana ho vavolombelona ananany momba an'i Jesoa Kristy sy ny fampianarany?
- Inona avy ireo fomba sasantsasany ahafahanao mikolokolo ny fijoroana ho vavolombelona anananao momba an'i Jesoa Kristy sy ny filazantsarany mba hanampiana izany hihamatanjaka kokoa?

Manorata fehezan-teny iray mamintina ny zavatra nianaranao tao amin'ireo andininy ireo momba ny fanatanjahana ny fijoroana ho vavolombelona ananana iray izay efa maniry ao anatinao.

NY FIANGONAN' I JESOA KRISTY HO AN' NY OLOMASIN' NY ANDRO FARANY

© 2023 an'ny Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD60013873_654_301-teacher_handout-1